# MOFONAINA 01 JOLAY 2025

T010725
FMSM – ISAIA 41:8-13

## 1. FITARIHANA

### Mpanoratra sy Taona nanoratana

Ny bokin'i Isaia dia nosoratan'i Isaia zanak'i Amoza, mpaminany sady mpanolo-tsaina ara-panahy ho an'ny mpanjaka jiosy (mpanjaka efatra no niasany: Ozia, Jotama, Ahaza, Hezekia). Niaina tamin'ny taonjato faha-8 talohan'i Kristy izy, manodidina ny 739–681 BC.

### Toerana

Nipetraka sy niasa tany Jerosalema, renivohitry ny fanjakan'i Joda Isaia ka heverina ho tany ny toerana nanoratrany.

### Antony nanoratana

Hampitandrina ny firenena jiosy amin'ny faharavana sy fanenjehana mety hahazo azy noho ny fahotany.

Hampiavaka ny fiantsoan'Andriamanitra ny vahoakany sy ny famonjeny azy ireo.

Hampahery ny vahoaka amin'ny tenin'Andriamanitra sy ny fahamarinany.

### Drafitry ny boky (fizarana lehibe 3):

Isaia 1–39: Fampitandremana sy fitsarana (fiainana ara-politika sy ara-panahy mandritra ny andron'i Isaia). Talohan'ny fahababoana 100 taona talohan'ny fahababoana (700-650)
Isaia 40–55: Hafatra fampiononana sy famonjena ho an'ny gadra any Babylona
any am-pahababoana (586-539 : 47)
Isaia 56–66: Fanavaozana sy fahazavana ho an'ny ho avy (messianika sy eskatolojika). Tafaverina an-tanindrazana 539

**Tsy mitovy ny daty fa mitovy ny Aa miteny.

**Tsy mitovy ny taranaka fa mitovy ny fanantenana ivelomany

** Tsy fitaharan'ny pejy no amakiana azy fa fifandimbiasan'ny fitsarana,famaizana ary famonjena.

### Ny mampiavaka ny boky

Misy fifandanjana mahagaga eo amin'ny fampitandremana sy fampaherezana.

Misy teny (Faminaniana) mialoha mikasika an'i Jesoa Mesia.

Mampifandray fitsarana, famonjena, fanavaozana.

## 2. NY TEKSTA (Isaia 41:8-13)

Ao anatin'ny fizarana faharoa (Isaia 40–55) no misy an'ity andininy ity, izay mitondra hafatra fampaherezana. Nosoratana ho an'ny vahoaka jiosy babo any Babylona, efa kivy sy very fanantenana, ka asehon'Andriamanitra fa tsy nahafoy azy Izy fa mbola miaro sy mitantana.

Isaia 41 dia manohitra ireo andriamanitry ny jentilisa sy manamafy ny fahefan'Andriamanitra Tokana, manambara fa Isiraely dia voafidy sy ampiasain'Andriamanitra ho fanambinana.
Ny and.1–7 dia miresaka ny fifikiran'ny jentilisa amin'ny sampy sy ny tahotra amin'ny zava-mitranga, fa ny and.8–13 kosa dia manambara ny fitiavan'Andriamanitra tsy miova amin'ny vahoakany.

## 3. FOTO-KEVITRA TEOLOJIKA ISAN'ANDININY (Isaia 41:8–13)

### And.8

Fiantsoana sy fifidianana: Tsy natao kisendrasendra ny maha-vahoakan'Andriamanitra an'i Isiraely. Fahatsiarovana ny fanekena natao tamin'i Abrahama

### And.9

Fanavotana sy firaiketana: Tsy nohadinon'Andriamanitra izy ireo na dia any anaty fahababoana aza.
Tsy mahafoy: Tsy manary ny voafidy ny Tompo.

### And.10

Fahatokisana sy fiarovana avy amin'Andriamanitra.
Fanomezam-pahefana sy hery ara-panahy.
Fanolorana tanana: fanehoana fitiavana sy fanakaikezana.

### And.11

Fitsaran'Andriamanitra: Tsy mamela ny fahavalo handresy ny vahoakany.
Fiarovana amin'ny fahavalo.

### And.12

Fanesorana tanteraka ny loza sy fahavalo amin'ny alalan'ny asan'Andriamanitra.

### And.13

Andriamanitra manakaiky sy manampy mivantana.
Fijoroana amin'ny finoana satria Andriamanitra no antoka.

## IV. fifampizarana

1- Inona no dikan'ny hoe "nofidin'Andriamanitra" eo amin'ny fiainanao manokana ankehitriny?
2- Ahoana no niainanao manokana ny fandraisana an-tànana nataon'Andriamanitra nandritra ny fahasahiranana?
3- Mety inona avy ireo tahotra iainanao ankehitriny, ary inona no lazain'ny Isaia 41:10 momba izany?
4- Inona no maha hafa ny fanampian'olombelona sy fanampian'Andriamanitra araka ity perikopa ity?
5- Inona no fandraisana andraikitra tokony hatao amin'ny fiainanao noho ny fahafantarana fa mitàna ny tananao Andriamanitra?

## V. Vavaka famaranana

Ry Andriamanitra Ray sy Mpamonjy anay, misaotra Anao izahay noho Ianao tsy mahafoy anay na oviana na oviana. Ampio izahay hatoky Anao amin'ny fotoanan'ny tahotra, hiankina amin'ny herinao, ary hahatsiaro fa mitàna anay mandrakariva Ianao. Amena.

Scanné avec CamScanner